
## NY TENY FIAINANA



*"Fahavetavetana eo imason'i Jehovah ny làlan'ny ratsy fanahy; fa izay fatra-panaraka ny fahamarinana no tiany."*

***Ohabolana 15:9***

**RUGBY VEHIVAVY**

# Nahazo ivontoerana ho azy ireo ny Makis Ladies 7s

Nahazo ivontoerana ho azy ireo ny mpilalao rugby vehivavy Malagasy “Makis Ladies 7s”, ho fampahafantarana an’ireo mpilalao mandrafitra ny Makis vehivavy ankehitriny, izay hiatrika ny fiadiana ny ho tompondaka eran-tany eo amin’ny rugy lalaovin’ olona 7, ho tanterahina atsy Afrika Atsimo amin'ny volana septambra 2022 ho avy izao. Notokanana tamin’ny fomba ôfisialy tamin’ny alakamisy 23 jona 2022 teo, tetsy amin’ny Arkadia Analakely izany, nitarika ny lanonana ny filohan’ny Malagasy Rugby, Rakotomalala Marcel, notronin’ny solontenan’ny Minisiteran’ny Tanora sy Fanatanjahantena Malagasy, ireo mpikambana ao amin’ny” Exco de Malagasy Rugby”, ny ben’ny tanànan’Ambohibao Antehiroka sy ireo mpanakanto vitsivitsy, ka anisan’ izany i Fiahy mpamorona ny hira “chanson officielle des Ladies Makis 7s”. Nanentana ny tsara sitrapo rehetra, amin'ny fanohanana, na tolotanana, ho an'ireto maherifontsika ireto ny filohan’ny Malagasy Rugby, nandritra an’ity hetsika ity.



*Ny fanokanana ny ivontoerana ho an’ny Makis Ladies 7s.*

**Rainilita**

**ASIEF Volley-ball Analamanga 2022**

# Hiditra eo amin’ny lalao ¼-dalana amin’ny 9 jolay izao

Hiditra eo amin’ny lalao ¼-dalana amin’ny sabotsy 09 jolay 2022 ny fifaninanana « Championnat Régional de volley-ball Asief Analamanga 2022 », ka etsy amin’ny kianja “LTC Ampefiloha”, hanomboka amin’ny 8 ora maraina, no hanatanterahina an’izany. Toy izao aloha ny “Classement Provisoire” an’ireo vondrona 3 amin’ity fifaninanana ity :

Vondrona A : 1°-Prm (manana isa 18), 2°-Mdn (isa 13), 3°-Senat (isa 13), 4°-Justice (isa 11) mbola manana lalao iray hifanandrinany amin’ny Jirama, 5°-Cua (isa 10), 6°-Jirama (isa 09) mbola manana lalao iray hifanandrinany amin’ny Justice.

Vondrona B : 1°-Mef 1 (manana isa 15), 2°-Men (isa 13), 3°-Mjs (isa 11), 4°-Assemblée Nationale (isa 08), 5°-Maeh (isa 03.

Vondrona C : 1°-Paoma (manana isa 15), 2°-Mef 2 (isa 11), 3°-Santé (isa 09), 4°-Mesupres (isa 09), 5°-Medd (isa 06), 6°-Université (isa 04).



*Volley-ball Analamanga.*

**Rainilita**

**Tetikasa « Culture and Judo in School »**

# Mielimpatrana amin’ny tanàna maro manerana ny Nosy



*Judo in School.*

Mielimpatrana amin’ny tanàna maro manerana ny Nosy ankehitriny ny tetikasa “ Culture and Judo in School” », ampianarana ifotony ny taranja judo, sy ampitana ny kolontsaina mifanaraka amin’ny ary ho entina hibanjinana ny fifaninanana judo avo lenta. Ity tetikasa ity, izay tohanan’ny “ Fédération Malagasy du Judo” sy ny Ambasadin’i Japon eto amintsika ary ampiroboroboin’i Me Ranjatoson Antsa , 6 ème dan, no niketrika namorona azy ary mbola mitantana izany sy mampiroborobo azy io ankehitriny.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Tao aorian’ny fety, rondrony indray no Sakafo eto amin’ny gazetinao androany. Rona henomby sy anamamy ary angivy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan’Imerimandroso any amin’ny distrikan’Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro




Ny tanànan’Imerimandroso any amin’ny distrikan’Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin’ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Imerimandroso ity tanàna ity, iray amin’ireo kaominina miisa 20 mandrafitra ny distrikan’Ambatondrazaka. Azo lazaina ho efa avo toerana izy satria 778 m ny haavony miohatra amin’ny ranomasina. Any afovoany atsinanan’ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Misy fokontany 9 ny kaominina Imerimandroso. Manakaiky ny farihin’Alaotra izy. Renirano ao amin’ity kaominina ity koa ny reniranon’i Lovoka sy Kelivava. Vokatra any ny vary, ny anana isan-karazany, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka. Mpanjono koa ny mponina any Imerimandroso.

**Madame ELYA**

Mitsabo sy mikarakara TAOVAMPANANAHANA LEHILAHY, vatana malaindaina, hozatra, diabeta.

Massage RELAXANT, REFLEXOLOGIE.

Mitsabo ny aretina rehetra amin’ny alalan’ny otra

**Tél. 0322495332 - 0347867979.**